FIHAONAMBEM-PIRENENA

VONDRONOLOMPIRENENA

**FIRENEKO - FIRENENAO –FIRENENTSIKA**

# FANONTANIANA HANOMANANA NY FAMOLAVOLANA NY LALAMPANORENANA

« Comité Consultatif Constitutionnel »

- Septembre 2010 -

# FANONTANIANA MOMBA NY LALAMPANORENANA

> ➢ **NY ENDRIKA IVELANY SY NY FOMBA FANDANIANA NY LALAMPANORENANA :**

### A- EO AMIN'NY ENDRIKA IVELANY :

1- Lalampanorenana fohy ve no ho volavolaina, ka ireo foto-kevi-dehibe hiorenan'ny Fanjakana ihany no horaketina ao anatiny ? ( Ohatra : Ny zo amam-pahalalahana fototra, ny endriky ny Fanjakana, ny firafitry ny Fahefana, ny Fifandrindran'ny Fahefana, ireo Andrimpanjakana, ny fifandraisana misy eo amin'ny fahefana isan-tsokajiny...)

"sa"

Lalampanorenana mifehy ny firafitry ny Fanjakana sy ny Fiarahamonina manontolo ve no hovolavolaina, ka ho voafaritra amin'ny antsipiriany ao avokoa izay rehetra mahakasika ny Zo amam-pahalalahana fototra, ny Firafitry ny fahefana sy ny Andrimpanjakana isan-tsokajiny, ireo rantsana rehetra sy vondrona samihafa ary ny fampandehanan-draharaha samihafa, ireo rijan-teny rehetra tokony hifehy ny Fanjakana sy ny Fiarahamonina manontolo?

"sa"

Hevitra hafa ...

### B- EO AMIN'NY FAHAFAHANA MANOVA NY LALAMPANORENANA ANY AORIANA :

2- Lalampanorenana azo ahitsy amin'ny fomba tsotra ve no ilain'ny vahoaka Malagasy? (Consitution souple)

3- Tokony ho hentitra ve ny fepetra ahazoana manitsy na manova ny Lalampanorenana?(Constitution rigide)

4- Inona avy ireo fepetra ilaina amin'izany ?

5- Iza no afaka manova na manitsy?

6- Amin'ny fotoana toa inona no afaka hatao ny fanitsina na ny fanovana?

7- Inona avy ireo votoatin-kevitra tsy afaka asiam-panitsiana na fanovana?

Hevitra hafa...

> ➢ VOTOATIN'NY LALAMPANORENANA

### C- NY SAVARANONANDO:

8- Inona avy ireo fotokevitra sy soatoavina fototra iorenan'ny Fanjakana?
9- Mbola tokony ho ampiana ve ireo zo sy fahalalahana fototra voarakitra ao anatin'ny Lalampanorenana
10- Misy sehatra manokana tokony haorina na rafitra tokony hatsangana ve, mba hitandroana ny soatoavina fototra sy ny foto-kevitra iorenan'ny fiarahamonina? (Ohatra: Ny Fihavanana, ny fanahy maha Malagasy...)

### D- NY ENDRIKY NY FANJAKANA HAJORO SY NY FOTOKEVI-DEHIBE:

- **Ny fototra ijoroan'ny Fanjakana sy ny Fahefana: (Fondements du pouvoir)**

11- Fanjakana miorina amin'ny fivavahana ve?
12- Fanjakana miorina amin'ny Fitondran'Andriana ve?
13- Fanjakana Repoblikana ve?
14- Manao ahoana ny fifandraisana misy eo amin'ny Fitondram-panjakana sy ny antokom-pivavahana samihafa? (Principe de laïcité...)

Hevitra hafa...

- **Ny endriky ny Fanjakana : (Forme de l'Etat)**

15- « Etat unitaire » ve ?
16- « Etat Fédéral » ve ?
17- Inona ny foto-kevitra horaketina mikasika ny fifandrindran'ny fanapariaham-pahefana, ny fitsinjaram-pahefana? (Déconcentration, Décentralisation...)
18- Inona avy ireo karazana vondrombahoakam-paritra ? (Faritany mizaka tena ? Faritra ? Commune ? Fokonolona ?...)
19- Inona avy ireo karazana fari-piadidian'ireo rantsa-mangaikan'ny Fanjakana foibe (circonscriptions administratives...) ? (...... Distrika ? Arrondissement ? Fokontany ?...)

Hevitra hafa

- **Ny foto-kevitra iorenan'ny fifandrindran'ny fahefana : (Organisation du pouvoir)**

20- Fifangaroan'ny fahefana ve? (Confusion des pouvoirs)
21- Fisarahan'ny fahefana, amin'ny fomba entitra ve ? (Séparation des pouvoirs)
22- Fisarahan'ny fahefana ombam-piaraha-miasa ve? (Collaboration des pouvoirs)

Hevitra hafa

- **Ny rafi-pitondrana azo avy amin'ny fifandrindran'ny fahefana : (Type de régime)**

23- « *Régime Présidentiel* » ve ?
24- « *Régime Parlementaire* » ve ?
25- « *Régime Semi- présidentiel*» ve ?
26- « *Régime Semi-parlementaire* » ve ?
27- « *Régime* » hafa ve ?

- **Ireo fahalalahana sy zo aman'andraikitry ny olom-pirenena :**

  (Droits civils et politiques, Droits et devoirs socio-économiques et culturels ...)

28- Inona avy izy ireo ?

29- Manao ahoana ny fomba fanaraha-maso ny fampiharana azy ?

30- Misy rafitra voatokana hisahana ny fanaraha-maso sy fampiharana ve? Inona ny fahefana ananany?

31- Ahoana ny fomba hampiharana sy hampanankery ny fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavin'I Madagasikara? (Effectivité, Applicabilité directe, invocabilité...?)

32- Mbola tazonina ve ny fanamelohana ho faty?

33- Manao ahoana ny amin'ny fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy?

34- Manao ahoana ny mikasika ny zon'ny sembana?

35- Misy fepetra manokana tokony horaisina ve momba ny ady amin'ny fanavakavahana amin'ny endriny samihafa eo amin'ny sehatra rehetra, ny fampitovian-jo, riziky (Egalité des chances)?

- **Ny amin'ny fitantanana ny vola, ny harena an-kibon'ny tany sy ny harem-pirenena voajanahary ary ny fananan-tany:**

36- Misy fepetra manokana tokony hofaritana mazava ve ao anaty lalampanorenana , mikasika ny foto-kevitra tsy maintsy arahina momba ny fitantanana ny harem-pirenena?

37- Mba hisorohana ny fanodinkodinana ny volam-bahoaka, ilaina ve ny mametraka rafitra hanaraha-maso ny fitantanana sy hanasaziana ireo izay manodinkodim-bola?

38- Ahoana no fomba atao mba tsy hibaben'ny firenena sy ny taranaka faramandimby ny trosa vokatry ny fanodinkodinam-bola na ny tsy fahaiza-mitantana?

39- Azo amidy na ahofa amin'ny vahiny ve ny tany?

40- Raha azo ahofa ny tany, inona avy ireo fepetra takiana ary hafiriana ny ahazoana mampanofa ny tany?

41- Tokony hovaina ve ny lalàna momba ny fizakana ny zom-pirenena Malagasy?

42- Misy fepetra manokana horaketina ao anaty lalampanorenana ve ny amin'ny fikajiana sy fiarovana ny tontolo iainana?

- **Ny amin'ny fitandroana sy fikajiana ny firaisam-pirenena, sy ny firaisankinam-pirenena, ary ny "équilibre régional" :**

43- Ilaina ve ny fametrahana rafitra manokana hitandroana azy? (Ohatra: Fametrahana Filoha Lefitry ny Filoham-pirenena avy amin'ny olom-boafidy isam-paritra?....)

44- Misy fepetra manokana horaketina ao anaty lalampanorenana ve ny amin'ny fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana ara-pitondrana sy ara-bola , ary ny fifampitsinjarana ny vokatry ny harem-pirenena sy ny haren'ny faritra tsirairay?

### E- IREO ANDRIMPANJAKANA

45- Inona avy ireo Andrimpanjakana ilaina eto amin'ny firenena?

### F- NY AMIN'NY FAHEFANA MPANATANTERAKA

- **Ny endriky ny fahefana mpanatanteraka:**

46- Fahefana mpanatanteraka iray loha ve? (Filoham-pirenena sady lehiben'ny Governemanta, miaraka amin'ny Filoha lefitra, raha misy)

47- Fahefana mpanatanteraka roa loha ve? (Filoham-pirenena sy Praiministra)

48- Raha Fahefana mpanatanteraka roa loha, manao ahoana ny endrika isehoan'ny fizaran'ny fahefana sy ny andraikitra eo amin'ny Filoham-pirenena sy ny Praiminisitra ?

49- Misy Filoha lefitra ve ? Firy ny isany ?

50- Raha misy Filoha lefitra, manao ahoana ny fanendrena na fifidianana azy ?

51- Manao ahoana ny endrika isehoan'ny fizaran'ny fahefana sy ny andraikitra eo amin'ny Filoham-pirenena sy ny Filoha lefitra ?

- **Ny amin'ny Filoham-pirenana:**

52- Manao ahoana ny fomba fifidianana ny Filoham-pirenena ?
53- Inona avy ireo fepetra takiana amin'ny kandidà mikasika ny filatsahan-kofidiana? (*Conditions d'éligibilité: Age, Etat civil, Résidence, Diplôme…etc…*)
54- Hafiriana ny halavan'ny "mandat" ary impiry ny Filoha no afaka milatsaka hofidiana indray?
55- Tsy maintsy mametra-pialàna ve ny Filoham-pirenena am-perinasa mialohan'ny hilatsahany ho Filoha indray?
56- Inona avy ny fahefana ananany sy ny andraikitra sahaniny?
57- Inona avy ireo fomba ahafahana manara-maso ny asany?
58- Tahaky ny ahoana ny fepetra mikasika ny fampiatoana azy amin'ny asany?
59- Iza no hisolo toerana vonjimaika ny Filoha raha misy fampiatoana, na fahabangan-toerana noho ny antony samihafa?
60- Manao ahoana ny fipetraky ny « Responsabilité politique » sy ny « Responsabilité pénale »-n'ny Filoham-pirenena ?
61- Inona avy ireo sazy azo ampiharina aminy?
  - Eo amin'ny heloka bevava.
  - Raha tsy tanteraka ao anatin'ny fotoana nifanomezana ny fifanarahan'asa.
  - Raha tsy manatanteraka sy mahatsangana ny rafitra voalaza ao anaty lalampanorenana amin'ny fotoana voafetra.

62- Iza no afaka mitory ? Aiza ny sehatra hametrahana ny fitoriana ? Ahoana ny fomba fitoriana? Iza no afaka manasazy ?

- **Ny amin'ny Praiminisitra**

63- Manao ahoana ny fomba fifidianana na fanendrena azy ?Ahoana ny fomba fanalana azy?
64- Inona avy ireo fepetra takiana amin'izany?
65- Inona avy ny fahefana ananany sy ny andraikitra sahaniny?
66- Inona avy ireo fomba ahafahana manara-maso ny asany?
67- Manao ahoana ny fipetraky ny « Responsabilité politique » sy ny « Responsabilité pénale »-n'ny Praiminisitra ?
68- Inona avy ireo sazy azo ampiharina aminy?
69- Iza no afaka mitory ? Aiza ny sehatra hametrahana ny fitoriana ? Ahoana ny fomba fitoriana azy? Iza no afaka manasazy ?

Hevitra hafa

- **Ny amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta:**

**70-** Manao ahoana ny fomba fifidianana na fanendrena azy ireo ?

**71-** Inona avy ireo fepetra takiana amin'izany?

**72-** Tsy maintsy mametra-pialàna ve ny mpikambana ao amin'ny Governemanta milatsaka hofidiana amin'ny fifidianana samihafa? Amin'ny fotoana toy inona no tsy maintsy hametrahany fialàna?

**73-** Ho an'ireo olom-boafidy (Solombavambahoaka, Ben'ny tanàna...) voatendry ho mpikambana ao amin'ny Governemanta, miverina avy hatrany amin'ny andraikitra sahaniny amin'ny maha olom-boafidy azy ve izy ireo rehefa nametra-pialàna na nesorina tamin'ny toerany?

**74-** Manao ahoana ny mikasika ny fandrafian'asa (cumul de fonctions) ?

**75-** Inona avy ireo fomba ahafahana manara-maso ny asany?

**76-** Manao ahoana ny fipetraky ny « Responsabilité politique » sy ny « Responsabilité pénale »-n'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ?

**77-** Inona avy ireo sazy azo ampiharina aminy?

**78-** Iza no afaka mitory ? Aiza ny sehatra hametrahana ny fitoriana ? Iza no afaka manasazy ?

Hevitra hafa

## G- NY AMIN'NY FAHEFANA MPANAO LALANA

- **Ny firafitry ny fahefana mpanao lalàna:**

**79-** Antenimiera tokana ve? (Parlement monocaméral)

**80-** Misy Antenimiera roa (2) ve? (Parlement bicaméral)

**81-** Raha misy Antenimiera roa (2), inona ny foto-kevitra ijoroan'ilay Antenimiera faharoa ? (Ohatra : Misolo tena ny vondrombahoakam-paritra ve ? Misolo tena ireo ankolafin-kery eo amin'ny sehatry ny toe-karena, ny sosialy ary ny kolontsaina ve ?...)

**82-** Raha misy Antenimiera 2, ilaina ve ny fanendrena ny mpikambana sasany ao amin'ny Antenimera faharoa ?

**83-** Misy fepetra na rijan-teny tokony hiova ve eo amin'ny sehatra voatokana ho an'ny ambaratongan-dalàna samihafa ? (Domaine de la loi, Domaine réglementaire...)

**84-** Misy fepetra manokana tokony horaketina ve eo amin'ny fomba fiasan'ny Antenimiera eo amin'ny fizotry ny fandaniana ny lalàna samihafa ?

- **Ny amin'ny mpikambana :**

85- Manao ahoana ny fomba fifidianana na fanendrena ny mpikambana ao amin'ny Antenimiera samihafa ?

86- Inona avy ireo fepetra takiana amin'ny mpilatsaka hofidiana (candidat), mikasika ny filatsahan-kofidiana na ny fanendrena ?

87- Hafiriana ny halavan'ny « mandat » ary impiry ny olom-boafidy no afaka milatsaka?

88- Inona avy ireo fomba hahafahan'ny vahoaka mpifidy manara-maso ny asan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimiera samihafa ? (Mandat impératif ou non, ...Modalités de contrôle des élus...)

89- Misy fepetra ve hahafahana manasazy ny olom-boafidy miovaova firehan-kevitra tsy mifanaraka amin'ny foto-kevitry ny antoko nahavoafidy, ka miova antoko hafa indray ?

90- Manao ahoana ny fipetraky ny « Responsabilité politique » sy ny « Responsabilité pénale »-n'ny olom-boafidy ?

91- Inona avy ireo sazy azo ampiharina amin'ireo olom-boafidy na voatendry?

92- Iza no afaka mitory ? Aiza ny sehatra hametrahana ny fitoriana ? Iza no afaka manasazy ?

93- Manao ahoana ny mikasika ny « immunité parlementaire » ?

Hevitra hafa

## H- NY FIFANDRAISANA SY NY FIFANARAHA-MASO EO AMIN'NY FAHEFANA MPANATANTERAKA SY NY FAHEFANA MPANAO LALANA :

94- Manao ahoana ny fifandraisana sy ny fifanaraha-maso misy eo amin'ireo fahefana roa ireo ? (Motion de censure, Question de confiance, Dissolution, Commissions parlementaires,...)

95- Ilaina ve ny hisian'ny fepetra manokana hahafahan'ny Parlemanta manara-maso ny fitantanam-bolam-panjakana?

## I- NY AMIN'NY FAHEFANA MPITSARA

- **Ny amin'ny fahaleovantenan'ny fitsarana:**

96- Hapetraka mazava ao anatin'ny lalampanorenana ve ny maha "Fahefana mpitsara" azy? ("Pouvoir judiciaire" ou "Pouvoir juridictionnel"?....)

97- Iza no miantoka ny fahaleovantenan'ny fitsarana?

98- Iza no manendry ireo mpitsara amin'ny toerany?

99- Hatsangana ve ny « Inspection Générale de la Justice »?

100- Hamafisina ve ny andraikitry ny Filan-kevitra Ambonin'ny Mpitsara (Conseil Supérieur de la Magistrature)?

101- Inona avy ireo sazy miandry ny mpitsara ?

102- Inona avy ireo zo sy fiarovana fototra tsy maintsy omena ny mpitsara mba hitandroana ny fahaleovantenany sy ny fahamarinan'ny asam-pitsarana?

103- Inona ny arofanina mba hisorohana ny kolikoliy eo anivon'ny fitsarana?

- **Ny amin'ny Ambaratongam-pitsarana samihafa:**

104- Misy fepetra manokana tokony horaketina ao anaty lalampanorenana ve mikasika ny ambaratongam-pitsarana samihafa?

## J- NY AMIN'NY "HAUTE COUR DE JUSTICE":

- **Ny amin'ny fananganana azy :**

105- Ilaina ve ny fananganana ny « Haute Cour de Justice » (HCJ) ?

106- Fitsarana ady heloka tsotra ve no havela hitsara ny Tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny Fitondrana ?

107- Misy fe-potoana omena ny Mpitondra Fanjakana ve amin'ny fametrahana ny « Haute Cour de Justice » ?

- **Ny amin'ny mpikambana ao anatin'ny HCJ :**

108- Iza avy ireo mpikambana ao anatin'ny HCJ?

109- Manao ahoana ny fomba fanendrena na fifidianana ny mpikambana?

110- Hafiriana ny "mandat"-n'ny mpikambana ao amin'ny HCJ?

111- Inona avy ireo fepetra mikasika ny fanendrena na fifidianana ny mpikambana?

112- Inona avy ireo zo aman'andraikitra ary ny sazy miandry ny mpikambana ao amin'ny HCJ?

- **Ny andraikitra sahaniny :**

113- Inona avy ny andraikitra sahanin'ny HCJ ?
114- Manao ahoana ny paik'ady arahina manoloana ny HCJ?
115- Iza no tsaraina? Iza no afaka mitory? Ahoana ny fomba fitoriana? Inona avy ny fahefana ananan'ny HCJ?

## K- NY AMIN'NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA

- **Ny amin'ny fahaleovantenan'ny Fitsarana avo momba ny lalampanorenana (HCC):**

116- Inona avy ireo fepetra hiantohana ny fahaleovantenany?
117- Inona avy ireo zo sy fiarovana fototra tsy maintsy omena ireo mpitsara ao mba hitandroana ny fahaleovantenany?

- **Ny amin'ny mpikambana ao amin'ny Fitsarana avo momba ny lalampanorenana :**

118- Inona ny satan'ireo mpikambana? Olom-boatendry sa olom-boafidy?
119- Manao ahoana ny fomba fanendrena na fifidianana ny mpikambana?
120- Hafiriana ny "mandat"-n'ny mpikambana ao aminy?
121- Inona avy ireo fepetra mikasika ny fanendrena na fifidianana ny mpikambana?
122- Inona avy ireo zo aman'andraikitra ary ny sazy miandry ny mpikambana ?

- **Ny andraikitra sahaniny :**

123- Inona avy ny andraikitra sahanin'ny Fitsarana avo momba ny lalampanorenana ?
124- Manao ahoana ny paik'ady arahina manoloana io Fitsarana io?
125- Iza no afaka mametraka fitoriana eo anoloan'ny Fitsarana avo momba ny lalampanorenana, na maka ny heviny?
126- Eo amin'ny sehatry ny Fifidianana, inona no andraikitry ny Fitsarana avo momba ny lalampanorenana?

### L- NY AMIN'NY "Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI)":

127- Horaketina ao anaty lalampanorenana ho isan'ny Andrimpanjakana ve ny CENI?

128- Iza avy ireo mpikambana ao anatiny?

129- Inona avy ireo andraikitra sahaniny sy ny fahefana ananany?

### M- NY AMIN'NY FOLOALINDAHY :

130- Inona avy ireo fepetra sy foto-kevitra raketina ao anaty lalampanorenana mikasika ny fahazoana mampiasa ny Tafika?

131- Ilaina ve ny fametrahana rafitra manokana hisahana ny Fiarovana? (Ohatra: Ny CMDN...)

132- Inona avy ny andraikitr'io rafitra io?

133- Iza avy ny mpikambana ao ary manao ahoana ny fomba fanendrena na fifidianana azy ireo?

### N- NY AMIN'NY ANKOLAFIN-KERY MPANOHITRA (Opposition) :

134- Tokony omena sata manokana ve ny mpanohitra?

135- Inona avy ireo fepetra sy foto-kevitra tokony horaketina ao anaty lalampanorenana mikasika ny ankolafin-kery mpanohitra?

### O- NY AMIN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA:

136- Inona avy ireo fepetra sy foto-kevitra ary rijan-teny tsy maintsy hofaritana ao anaty lalampanorenana mikasika ny vondrombahoakam-paritra?

### P- NY AMIN'NY FANARAHA-MASO NY OLOM-BOAFIDY:

137- Ilaina ve ny fametrahana rafitra manokana momba ny famotorana ireo olom-boafidy amin'ny fiafaran'ny fotoam-piasany? (Commission d'enquête)

### Q- NY AMIN'NY "DISPOSITIONS TRANSITOIRES":

138- Inona avy ireo fepetra horaketina ao anatin'ny "Dispositions transitoires"?